# Ilay Voa Tsara Nafafy 06 Oktobra 2018

# 6 **Asabotsy** oktobra

**Hoy Kaleba taminy : Inona moa no ilainao ? Ary hoy izy : Omeo tsodrano aho ; fa tany tsy misy rano no nomenao ahy, ka mba omeo loharano koa aho. Dia nomen'i Kaleba azy ny loharano ambony sy ny loharano ambany.** Mpitsara 1. 14, 15

***(Hoy Jesosy :)* Mangataha, dia homena ianareo… Fa izay rehetra mangataka no mahazo.** Lioka 11. 9, 10

## Fanomezana ho an'ny ampakarina

Taonarivo maro lasa izay, i Kaleba dia namoaka an'i Aksa, zanany vavy, hanambady. Araka ny nangatahin'io zanany io, dia nomeny tany iray mahazo masoandro tsara ireo mpivady vao. Saingy mihoatra noho izany no notadiavin'i Aksa, satria tiany ny tany nomen'Andriamanitra ; ka hoy izy tamin-drainy : „Mba omeo loharano koa aho". Dia nomen'i Kaleba azy „ny loharano ambony sy ny loharano ambany". Vokatr'izany, io tany tsara toerana io dia ho voatondraka tsara, ka hamokatra be.

Tena feno fahendrena ny fangatahan'ity vehivavy vao nampakarina ity. Satria raha tsy misy rano dia ho main'ny masoandro ny taniny. Tena mila loharano tokoa ilay tany, fa raha tsy izany dia tsy hisy na inona na inona hitsimoka eo.

Ry mpivady kristiana tanora, manome lesona ho anareo i Aksa. Ny rano tokoa mantsy dia kisarisarin'ny Tenin'Andriamanitra. Angamba ianareo efa manana „tany tsara toerana". Izany hoe, efa manana ny zavatra rehetra ilainareo, ka misosa milamina tsara ny fiainanareo mivady. Saingy mba efa nieritreritra ny amin'ny loharano ve ianareo ? Ho anareo, ny Tenin' Andriamanitra ve no tsy maintsy ilainareo mba tsy hanjary toy ny tany hay ny fiainanareo ara-panahy, ny ao anaty fo, ary avy eo ny tokantrano ? Raha tsy mamaky ny Baiboly isanandro ianareo, dia hiha maina vetivety foana ny fiainanareo miaraka amin'ny Tompo, ka tsy hitondra voa intsony. Sahia mangataka amin'ny Rainareo Izay any an-danitra ny rano miboiboika, mba hampiroborobo ny fiainan-tokantranonareo sy ny ankohonanareo. Efa natokany ho anareo „ny loharano ambony", izany hoe ireo fampanantenana miezinezina ananan'ny mpino ao amin'i Kristy, Izay any an-danitra. Efa anareo koa „ny loharano ambany", dia ny fanatrehan'i Jesosy, miaraka amintsika sy ho antsika, na inona na inona toejava-mitranga eo amin'ny fiainantsika eto an-tany.